# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Novambra 2018

# 5 Alatsinainy novambra

**Mijanòna, ka mba diniho ny fahagagana ataon'Andriamanitra… Fantatrao va ny fihevahevan'ny rahona matevina, dia ny fahagagana ataon'Ilay tanteraka amin'ny fahalalana ?** Joba 37. 14, 16

**Tompo ô, … Andriamanitra Ianao hatramin'ny taloha indrindra ka mandrakizay.** Salamo 90. 1, 2

## Avia hijery

Faran'ny tolakandro tamin'izay. Teo am-pikarakarana sakafo hariva aho, nitazana teo am-baravarankely, ka taitra sady finaritra tanteraka. „Avia haingana, Lucie ! hoy aho niantso ny zanako vavy sady nihazakazaka eny am-baravarana, avia hijery !" Navelany ny zavatra nataony, noraisiny ny akanjo mafanany, ary lasa izahay nihazakazaka nankeny amin'ilay saha eo ambanin'ny zaridainanay. Hakanton-javatra mbola tsy hitako hatrizay no teo anoloanay. Tahaka ny hoe mirehitra afo ny faravodilanitra manontolo. Toy ny rakotra loko marevaka ny zavatra rehetra : ny lanitra, ny hazo, ny faravodilanitra ary ny rahona. Nangina tsy nisy niteny izahay mianaka, niditra tao anatin'izany zavatra kanto sy mahafinaritra izany. Avy eo dia nanomboka nihamatroka tsikelikely ny famirapiratr'ireo loko mahafinaritra ireo. Talanjona izahay, nijanona teo mandra-pahatonga ny alina.

Nony tafaverina tao an-trano izahay, dia feno fankasitrahana ny fonay, manoloana ny halehiben'Andriamanitra sy ny halavorariny, hita maso eo amin'ny voariny. Eo anilanay mandrakariva ny Tompo, ary tena nanohina ny fonay io nampahatsahivany anay ny heriny io.

Ry ray aman-dreny kristiana, fahasambarana ho antsika tokoa ny ahafahantsika mampiseho amin'ny zanatsika ireo porofo maro maneho ny herin'Andriamanitra, ny voninahiny ary ny fanatrehany eo amin'ny fiainantsika ! Ny fanampiantsika azy ireo hahita, ao ambadiky ny zavatra andavanandro fotsiny, ireo zavatra mahatalanjona noarin'Andriamanitra, dia fomba ampianarantsika azy ireo hibanjina an' Andriamanitra ao amin'ireo asany, hitsaoka Azy, hanome voninahitra Azy.

Ary izany dia efa toy ny taratry ny hakanton'ny fahariana vaovao andrasantsika.